
# TORITENY - ALAHADY faha-27 TSOTRA -TAONA D 2025



## *NY OLONA MANAM-PINOANA TSY MIANDRY VALISOA EO NO HO EO*

Ry Kristianina havana raha tamin'ny Alahady lasa teo isika dia niezaka mba hahalala bebe kokoa ny fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro. Ny harena, hoy isika, dia ny fiainana izay ho entina hizarana, hifanasoavana amin'ny hafa fa tsy tokony ho vato misakana ka raha tonga ilay andro farany dia tsy afaka hivavaka intsony isika araka ny fanoharana tamin'ny evanjely tamin'ny Alahady lasa teo : nisy elanelana, nisy hantsana ka tsy afaka handeha amin'ny toerana misy ny fiadanana intsony isika ary izay no mahatonga antsika mamerimberina hoe, niany ny hoavy fa tsy amaray (anio ny ho avy fa tsy rahampitso). Ka izany indrindra amin'izao Alahady faha-27 mandavantaona izao dia asain'ny Eglizy isika handalina ny finoana amin'ny alalan'ireo vakiteny fa indrindra ny Evanjely.

> ***Vakiteny I :*** *Hab. 1, 2-3; 2, 2-4*
> ***Salamo :*** *Sal. 94*
> ***Vakiteny II :*** *2 Tim. 1, 6-8. 13-14*
> ***Evanjely :*** *Lk. 17, 5-10*

Ry Kristianina havana ao anatin'ny volana oktobra isika volan'ny Rozery sady volan'ny misiona ka ndeha isika hiara-dalana amin'I Masina Maria amin'izao ady sady dia ataontsika izao. Ady sady dia mampahatsiaro ny ady mafy natrehin'ny Eglizy notafihin'ny fahavalo. Niantso vavaka lehibe niaraka tamin'I Masina Maria hajaina amin'ny Rozery ny Papa ka nandresy ireo fahavalo nitady hanapotika ny Eglizy. Toraka izany koa isika miatrika krizy mafy isika ary eo am-panomanana ny Sinaody faha-7, fijanonana faha-3 ka miantso antsika jiaby hanao vavaka Rozery isam-pianakaviana ary indrindra isan'ny Eglizy fiombonana, fototra, iraka isaky sabotsy andron'I Masina Maria, andron'ny fianakaviana. Matoky ny herin'ny vavaka isika. Hoy I Mb Terezy avy any Calcutta izay misaraka amin'ny sapile: Ny sapile no angovo ahafahana miatrika ny asa fitoriana amin'ny toerana sarotra indrindra… Ny sapile no fitaovan'ny misionera mitory an'I Jesoa…Ny Papa Léon faha 14 koa manentana ny rehetra hanao sapile isan'andro fa indrindra amin'izao volana Rozery izao hivavaka manokana ho an'ny fandriampahalemana erantany….

Nahatsapa ireo apostoly ny hamafy ny asa fitorian'ny Evanjely miandry azy ireo ka tsy nisalasala nanatona an'i Jesoa ka niangavy azy nanao hoe : "ampitomboy ny finoanay".

Tsapan'izy ireo fa io no fototry  ny fiainana tsy maintsy ampifanarahana amin'ny finoana ny fiainana ary tsapan'ireo apostoly fa tsy mandeha hoazy izany. Io no ampahatsiahivan'ny vakiteny voalohany voalaza ao amin'i Habakoka mpaminany izay milaza fa ny marina no ho velona. Azo lazaina àry fa ny fahavelomantsika no fahamarinana ao amin'ny Tompo, ao amin'i Jesoa no hahafahantsika miroso amin'ny lalindalina kokoa. Ka raha nangataka ireo mpianatra hoe ampitomboy ny finoanay dia nolazain'i Jesoa ary fa na dia bitika izany finoantsika izany dia mahavita zava mahagaga isika. Ny finoana dia ny famelantsika an'Andriamanitra hiasa ao amintsika izany hoe Andriamanitra mila antsika mba hiasa eo anivon'izao tontolo izao, hitondra fahazavana. Isika izany no fahazavana raha avelantsika hiasa ao amintsika Andriamanitra, ary izay ny atao hoe fampitrahofana ny finoana sy ny fiainana andavanandro dia ny famelantsika an'Andriamanitra hiasa amintsika. Vitan'Andriamanitra izao rehetra izao kanefa mila antsika izy, matetika ohatry ny vavaka nataon'i Habakoka mpaminany dia isika no voan'ny fakam-panahy ka mitalaho fa lasa lavitra Andriamanitra fa raha ny tena marina dia Andriamanitra mitalaho amintsika, ny fanomezana dia avy aminy, izy vonona manome maimaimpoana an'izay finoana izay fa anjarantsika no manokatra ny fontsika. Raha misokatra ny fontsika dia miova ny zava-drehetra. Izay no mahatonga azy milaza fa na voan-tsinapy aza ny finoantsika izany hoe faran'ny kely indrindra amin'ny voan-javatra dia afaka mahavita zava-mahagaga isika hoatry ny nilazany hoe : "miongota ka mifindrà any amin'ny ranomasina" raha manana finoana isika izany hoe afaka mamindra ny vohitra isika.

Inona ary ny tia sy tadiavin'i Jesoa ?

Ny tadiavin'i Jesoa izany dia isika hiasa ary izay koa ilay fanoharana lazainy io, rehefa tena miasa isika dia izy ilay Tompo no milaza hoe amboary ny sakafoko ary misikina mampihinana azy. Rehefa tanteraka izany dia izy no misaotra antsika. Ny tadiaviny amin'ny asa ataontsika dia ny hanao maimaimpoana tahaka ny nataony. Aoka izay nataony no ataontsika. Tsy miasa ho an'Andriamanitra fa mamela an'Andriamanitra miasa amin'ny alalantsika. Raha atao teny hafa tsy miasa ho an'Andriamanitra fa manao ny asan'Andriamanitra satria iray Aminy.

Maimaimpoana ny fanomezana avy amin'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika dia aoka ho maimaimpoana ihany koa no tsy maintsy hampiasaintsika ireo fanomezana ireo ho fanomezana voninahitra Azy. Izay no mahatonga an'i Jesoa amin'io fanoharana io milaza hoe : "mpanompo tsy mahasoa izahay dia izay tsy maintsy nataonay ihany no hany vitanay" izany hoe ny manantanteraka ny sitrapon'Andriamanitra.

Izay no teny averimberiko amintsika matetika ry Kristianina havana, tsy tany malemy hanorenam-pangady ny finoana fa tany lonaka iasan'ny fahasoavan'Andriamanitra ka hamokatra. Izay no maha mpanompo tsy mahasoa antsika izany hoe tsy noho ny fahamendrehantsika fa avelantsika hiasa ao amintsika Andriamanitra ary dia hahavita zavatra mahagaga satria tany lonaka isika amin'izay, ny Fanahy masina no mikolokolo sy manatsara ny fiainantsika ary dia tanteraka ny fampianarana tamin'ny Alahady lasa teo, ilay mpanankarena tsy nieritreritra hoe fa ny ny fiainako dia ho entina hanasoavana ary izay ihany koa ny fampianarana anio. Aoka isika ho mpanompo hiasa izany hoe avelantsika hiasa ao amintsika ny fahasoavan'Andriamanitra dia hamokatra ny fiainantsika.

Inona moa ny fiainana mamokatra ?

Ny fiainana feno fifankatiavana, ao anatin'ny fahamarinana, ao anatin'ny fampanjakana ny rariny sy ny hitsiny ary izay aza ny mahatonga ireo razantsika nilaza fa ny hazo no vanon-ko lakana ny tany naniriany no tsara? ho vanona tokoa ny fiainantsika raha ny finoantsika tany lonaka avelantsika hiasan'Andriamanitra. Io no ananaran'i Md Paoly amin'ny vakiteny faharoa, ananarany antsika ihany koa (*2 Tim. 1, 6-8. 13-14)* : aoka àry isika hanaiky ho vavolombelon'ny finoana eo amin'ny fiainantsika, aoka ho velombelomina ny fanomezam-pahasoavana. "Ry zanako malala, mananatra anao aho mba hamelombelona indray ny fanomezam-pahasoavan'Andriamanitra ao anatinao, izay noraisinao tamin'ny fametrahako tanana taminao. Fa tsy Fanahy osa no nomen'Andriamanitra antsika, fa Fanahy mahery sy be fitiavana ary mahonon-tena." Izany hoe tany lonaka ny finoana ka iasan'ny fahasoavan'Andriamanitra ka hamokatra izy raha hifanasoa sy hifanatsara isika hiombona ao amin'i Kristy, amin'izay dia hiova tokoa ity fiainantsika ity. Izany no antony mahatonga an'i Papa Fransoa miantso an'izao Taona masina izao ho taonan'ny famindrampo.

Ry Jesoa Tompo ô, ianao tokoa no nampianatra ary tsy vitan'ny hoe nampianatra fa nanome ohatra velona anay. Ianao tokoa ilay mpanompo nanolo-tena ho fanavotana anay, ampianaro

izahay hahay hifanasoa ary hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra tahaka anao eo amin'ny ataonay rehetra amin'ny fiainana andavanandro. Mba ho olona manam-pinoana tokoa anie izahay, tsy miandry valisoa fa manao koa ny asa am-pinoana, ny fiainanay manontolo anie ho fanompoana ary dia ho mpanompo tsy miandry valiny fa manao asa am-pitiavana maimaimpoana tsy misy takalo izahay ka amin'izay hifanasoa tokoa hifanatsara ka hanjaka eto anivonay tokoa ny fiadananao ny fahamarinanao, hahay hampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro tokoa anie izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson